

# **Andro Fiaraha-Mivavaka sy Fifadian-Kanina**

*Tari-dàlana sy Tahirin-kevitra*

**Mihamatanjaka Noho Ny Fitsapana Eo Amin'ny Fiainana  
Rehefa Mivavaka Ho An'ny Finoana Lalindalina Kokoa Isika**

Telovolana Faharoa 2021

Sabata, 3 Aprily

*Fifohazana  
& Fanavaozana*

## **Votoatiny**

|  |       |
|--|-------|
| Fanasana Hifady Hanina sy Hivavaka   | 3-4   |
| Fiomanana sy Topi-maso ho an'ny Mpitarika  | 5     |
| Soso-Kevitra Momba Ny Fandaharana Sabata Maraina   | 6     |
| Soso-Kevitra Momba Ny Fandaharana Tolakandro   | 8     |
| Fotoana Hivavahana   | 9-10  |
| Tantara ho an'ny Ankizy  | 11-12 |
| Soso_kevitra sy Hevitra momba ny Toriteny  | 13-17 |
| Fisaintsainana sy Fampaherezana ataon'ny Mpitarika<br>amin'ny Tolakandro                       | 18-21 |
| Taratasy 1 ho an'ny Vavaka Iombonana: Teboka<br>Hifantohan'ny Vavaka ho an'ny Vavaka Iombonana | 22-25 |
| Taratasy 2 ho an'ny Vavaka Iombonana: Teny Fikasana<br>Mahery Vaika Momba ny Vavaka            | 26-30 |

## Fanasana Hifady Hanina sy Hivavaka

Raha nisy fotoana teo amin'ny tantara tokony hikatsahantsika maika dia maika ny herin'ny Fanahy Masina dia ankehitriny izany. Mandalo fotoan-tsaroatra ny tontolo misy antsika. Manodidina antsika eny rehetra eny ny olona dia misedra fitsapana mahamay, fanaintainana ary mijaly nefá tsy mahafantatra loatra hoe nahoana. Vokatr'izany dia mihazona olona maro ho babony ny fahadisoam-panantenana ara-panahy. Mila miorina mafy ao amin'ny Tenin' Andriamanitra isika mba hahazoantsika hitoetra ho matanjaka sy hanampy ny hafa hahita ireo valiny ara-panahy ilain'izy ireo fatratra. Nefá mialoha ny hahatongavan'i Jesosy dia ambara amintsika fa tsy maintsy mandalo fanadiovana isika. Mety hitranga ankehiriny ve izany?

Nanoratra i Ellen White manao hoe:

“Ny andro feno fahorianá sy tebiteby eo anoloantsika dia hitaky finoana izay mahatanty hatrotrahana, fiandrasana ela sy hanoanana - finoana izay tsy ho reraka na dia voasedra mafy aza. Omena ny rehetra ny androm-pahasoavana mba hiomanana ho amin'io fotoana io. Nandresy i Jakôba satria nanam-paharetan izy ary matotra tamin'ny finiavany. Ny fandreseny dia manaporofa ny herin'ny fivavahana maharitra. Izay rehetra mifikitra amin'ny teny fikasan'Andriamanitra, tahaka ny nataony, ka mafana fo sy manam-pikirizana tahaka azy, dia hahomby tahaka ny nahombiazany koa” – (HM, 647).

Voasedra ve ny finoanao ankehitriny? Mianatra ny mizaha toetra ny teny fikasana ao amin'ny Tenin' Andriamanitra ve ianao?

Noho ny fahafantarana ny ilàntsika manokana ny fanoloran-tena lalindalina kokoa, dia tianay ny hanasa anao hiaraka amin'ny fianakaviam-ben'ny fiangonanay amin'ity andro manokana fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina ity. Ny lohahevitra harahintsika dia ny hoe "Mihamatanjaka Noho Ny Fitsapana Eo Amin'ny Fiainana Rehefa Mivavaka Ho An'ny Finoana Lalindalina Kokoa Isika". Hifantoka amin'ny zavatra ilain'ny fo ny vavaka ataontsika: mivavaka mba hitovy kokoa amin'i Jesosy, hitombo finoana mandritra ny fotoan-tsaroatra ary hahazo fahasahiana hijoro ho vavolobelona. Hivavaka manokana isika ho an'ny finoana lalindalina kokoa ny Tenin' Andriamanitra, mba hananantsika fahatokisana na dia toa tsy misy dikany aza ny fijaliana iainantsika.

Fa nahoana moa ity andro fivavahana ity no ampiarahina amin'ny fifadian-kanina?

Mifady hanina isika satria maniy mafy ny fitahian' Andriamanitra. Rehefa mamaky ny Baiboly isika dia mahita fa ny fifadian-kanina dia tsy safidy. Nomena izany. Ny Matto 6:17 dia tsy milaza hoe: "Raha mifady hanina ianao", fa kosa, "Rehefa mifady hanina ianao." Raha dinihintsika avokoa ireo fifadian-kanina rehetra ao amin'ny Baiboly, dia hitantsika fa isaky ny nivavaka sy nifady hanina ny olon' Andriamanitra dia niasa tamin'ny fomba maheryvaika ho azy izy ireo Izy - hatramin'ny fanafahana tamin'ny fahavaloo tany an'ady ka hatramin'ny fanafahana amin'ny fomba mahagaga avy ao amponja ka hatramin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta, dia mahita lamina na modely iray isika. Io modely io dia miverimberina nandritra ny tantara kristiana. Ny fifadian-kanina dia ampahany mandrakariva tamin'ny fomba fiainan'ny mpino, toy ny vavaka sy ny fianarana Baiboly. Raha ny marina, ny olona malaza rehetra

ao amin'ny Baiboly dia nifady hanina avokoa.

Lazaina amintsika fa,

"Ankehitriny sy mandra-pahatapiry ny fotoana, ny olon'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, hifoha bebe kokoa, tsy matoky ny fahendreny, fa ny fahendren' ny Mpitarika azy. Tokony *hanokana andro hifadian-kanina sy hivavahana* izy ireo. Tsy voatery takiana ny fifadiana tanteraka ny sakafo rehetra, saingy tokony hihinana kely fotsiny amin'ny sakafo tsotra indrindra izy ireo "(*Counsels on Diet and Foods*, p. 188, 189, *nasiana fanamafisana*).

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy misakafo fotsiny. Ny fifadian-kanina dia fisafidianana ny tsy hanao zavatra mba hahazoana mivavaka am-piniavana bebe kokoa sy amin'ny fo kokoa ary amin'ny fifantohan'ny fanahy bebe kokoa. Betsaka no misafidy ny tsy hihinana sakafo, nefo tsy ny olon-drehetra no afaka tsy mihinana sakafo tanteraka, ary tsy ny olona rehetra no mifidy an'io karazana fifadian-kanina io. Tsy maninona. Manentana anao izahay hivavaka sy hangataka amin'Andriamanitra hoe inona no karazana fifadian-kanina tiany hataonao. Mety hisafidy ny hihinana sakafo tsotra kokoa ianao, na mety hisafidy ny hifady tambazotra sosialy, fahitalavitra na fahazarana hafa mandany fotoana. Na inona na inona ataonao dia zava-dehibe ny mahatsiaro fa ny fifadian-kanina dia tsy fahazoana valisoa avy any an-danitra. Ny hevi-dehibe amin'ny fifadian-kanina dia ny fanesorana ireo zavatra manelingelina mba hahafahantsika mitady an'i Jesosy amin'ny fo manontolo. Araka ny lazain'i Derek Morris, filohan'ny Hope Channel, "Mifady hanina avy amin'izao tontolo izao isika mba hahafahantsika mivoky eo amin'ny Jesosy."

Manasa anao izahay mba ho handray anjara amin'ity andro miavaka ity! Na misafidy ny hifady hanina ianao na tsia dia mino isika fa Andriamanitra dia manana fitahiana manokana voatahiry ho anao.

Angamba ianao tsy dia marisika amin'ny vavaka iombonanasatria tsy tianao ny mivavaka mafy. Manasa anao izahay mba ho tonga ihany. Afaka mivavaka mangina miaraka amin'ny hafa ianao, manandratra ny vavaky ny hafa ary mivavaka ho an'ny olona sy ny zavatra entin'Andriamanitra ao am-ponao. Ary raha matahotra ianao fa "tsy dia tsara loatra" ny vavaka ataonao, fantaro fa Andriamanitra dia mihaino, tsy ny tenintsika ihany, fa ny fontsika koa. Tsy mitady vavaka "tsara loatra" Izy fa mpivavaka tso-po mikatsaka Azy. Na dia tsy fantatsika aza izay vavaka tokony hataontsika dia fantany izany. Mandre Izy. Ary manasa antsika *hiara-hivavaka* Izy. "Ary lazaiko aminareo koa : raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona, ka hangataka izany dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany "(Mat. 18:19).

Hoy ny Hebreo 10:24, 25:

"Ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihamtomotra ny andro."

Antomotra ny Andro! Aoka ianao tsy ho diso anjara amin'ireo fitahiana mampahery sy manorina finoana arotsak'Andriamanitra ho anao rehefa miaraka mivavaka amin'ny hafa ianao.

## **Fiomanana sy Topi-maso Ho an'ny Mpitarika**

- Zarao amin'ny mambran'ny fiangonana farafahakeliny herinandro na tapa-bolana mialohan'ity andro manokana ity ny taratasy "Fanasana Hifady Hanina sy Hivavaka" mba hahazoany miomana.
- Raha tokony hampiditra toriteny feno amin'ity telovolana ity izahay dia manome fitaovana hanampiana ny mpitarika hanomana ny toriteniny manokana. Ny fotoam-pivavahana Sabata maraina izay mifantoka amin'ny lohahevitra momba ny vavaka amin'itytelovolana ity dia mety hanome aingam-panahy ho an'ny mambra maro handray anjara amin'ny fotoam-bavaka ny tolakandro.
- Ny tantara ho an'ny ankizy dia ampiarahina etoana mba hanampiana ny ankizy hahita sy hahatsapa ny atao hoe herin'ny vavaka.
- Omena ihany koa ny vakiteny ho an'ny fandaharam-potoana amin'ny fotoam-bavaka tolakandro, "Mivavaka ho an'ny Finoana Lehibe Kokoa: Finoana Hahafahana Miaritra sy Mijoro Ho Vavololmbelona ao Anatin'ny Oram-baratra Ho Avy". Tokony harahin'ny fotoam-bavaka iombonana io famakiana teny io.
- Mampirisika anareo izahay mba hiara-hivavaka ho vondrona iray amin'ireo fizarana telo voalohany amin'ny fotoam-bavaka, avy eo dia mitsinjarao ho vondrona madinika hahazoana manao fangatahana manokana. Mety hahatsapa mahazo aina kokoa ny olona raha mizara sy mivavaka ao anaty vondrona madinika. Afaka manao "atrik'asa" ianareo ao anaty Zoom, raha mifandray amin'ny aterneto. Aorian'ny fotoam-bavaka ataon'ny tena manokana dia akambana indray ny vondrona mba hamarana amin'ny fisaorana.
- Manoso-kevitra anareo izahay mba hanomana fandaharam-potoana mandritra ny 1-2 ora farafahakeliny amin'ity fotoam-bavaka tolakandro ity; kanefa maro no mihevitra ny hiara-hivavaka mandritra ny tolakandro manontolo. Avelao ny Fanahy Masina no hitarika amin'izany.
- Ataovy pirinty na alefaso mailaka ny taratasy momba ny "Antom-bavaka ho an'ny Vavaka Iombonana" sy ny "Teny Fikasana Mahery Vaika ho an'ny Vavaka" ho amin'ny fotoam-bavaka tolakandro.
- Raha manana fanontaniana momba ny fitarihana vavaka ioùbonana ianareo dia jereo ny toro-làlana ao amin'ireto fitaovana ireto any amin'ny faran'ny "Soso-kevitra momba ny Fandaharam-potoana Tolakandro."

## **Soso-Kevitra Momba Ny Fandaharam-Potoana Sabata Maraina**

Feon-kira fiomanana

Miditra ireo mpandraharaoha

Vakiteny Salamo fiderana

Fiantsoana fanatrehana

Fanatitra

Vavaka ho an'ny fanatitra

Hira

Tantara ho an'ny ankizy: "Mivavaka ho an'i Tom voapoizina"

Vakiteny fototra: Hebreo 11: 1 & Jaona 20:29

*"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita" (Heb.11: 1).*

*"Sambatra kosa izay tsy nahita nefo nino" (Jaona 20:29).*

Vavaka fanelanelanana

Feon-kira manokana

Toriteny: " Mihamatanjaka Noho Ny Fitsapana Eo Amin'ny Fiainana Rehefa Mivavaka  
Ho An'ny Finoana Lalindalina Kokoa Isika "

Hira famaranana:

Tso-drano sy Fanambarana ny antsipiriany momba ny fandaharam-potoana tolakandro

Feon-kira famaranana

## Soso-Kevitra Momba Ny Fandaharam-Potoana Tolakandro

### Toerana:

Mivoria ao am-pianganana, eny ivelany eo ambany alokaloky ny hazo, na, raha kely ny vondrona misy anao dia mivoria ao amin'ny efitrano iray mampahazo aina manokana ao an-tokantranon'olona izay tsy misy fanelingelenana. Raha tsy mahazo alalana mivorivory ny olona, dia mety ho azonareo safidiana ny *Zoom*. Afaka mihaona amin'ny alalan'ny finday koa ianareo.

### Fiderana Sy Fiankohofana Fanokafana (15-20 minitra):

Ny hira sy feon-kira dia mametraka mandrakariva rivo-piaianana mety ho amin'ny fiankohofana, noho izany dia atombohy amin'ny hira vitsivitsy manome aingam-panajana sy mandrisika hitady an'Andriamanitra. Miangavia mambra vitsivitsy hizara fijoroana ho vavolombelona 30 segondra momba ny valim-bavaka na fiderana an 'Andriamanitra eo anelanelan'ny hira.

### Fiarahabana tongasoa sy filazana:

Ireto torolàlana manaraka ireto dia tokony zaraina vetivety alohan'ny fotoam-bavaka.

- Tonga hivavaka amin'ny maha-fianakaviana isika. Tadidio fa hazonina ho tsiambaratelo ny zavatra rehetra zaraina.
- Tsy handray fangataham-bavaka mialoha isika. Mahafaly ny devoly rehefa miresaka momba ny antom-bavaka isika fa tsy mivavaka momba izany. Hivavaka fotosiny isika ary hifanaiky eo amin'ny vavaka atao.
- Ataovy izay hampahazo aina mandritra ny fotoam-bavaka. Aza misalasala ny hanova toerana — mipetraka, mandohalika, mitsangana sns ... Raha eo amin'ny *Zoom* ianao dia hevero ny famonoana ny fakantsary mandritra ny vavaka mba hampihena ny fanelingelenana.
- Mitenena mafy mba renay ianao, na ataovy azo antoka ny *micro* raha amin'ny *Zoom* ianao.
- Takio ny Soratra Masina ary mivavaha ho an'ny teny fikasan'Andriamanitra. (Ampiasao ny taratasy misy ny teny fikasana.)
- Takio ao amin'ny vavaka ny fiaianana marina, sorona ary fanompoana ataon'i Jesosy (Jao. 14:14; Apok.8: 3).
- Afaka mivavaka imbetsaka ny olona, nefo omeo fotoana ny olona rehetra hivavahana sy hitenenana fa tsy olona tokana no hifehy ny fotoam-bavaka
- Farany nefo tsy ny kely indrindra, ataovy fohy ny vavaka (eritreritra tokana na fehezanteny 1-2). Tehirizo ny vavaka lava be ho an'ny efitrano manokana fivavahanao. Ny olona dia manana fironana ho leo amin'ny vavaka lava be. Lazaina amintsika fa mandreraka ny anjely koa izany (Prière, p. 258).

**Vavaka fanokafana:** manendre olona iray.

Zarao ilay taratasy misy ny Fampaherezana sy Fisaintsainana: (“Mivavaka ho an’ny Finoana Lehibe Kokoa: Finoana Hahafahana Miaritra sy Mijoro Ho Vavololmbelona ao Anatin’ny Oram-baratra Ho Avy ”.)

#### **NAOTY HO AN’NY MPANENTANA NY VAVAKA:**

- Tadidio fa tsara ny fahanginana amin’ny fotoam-bavaka. Aza mihevitra fa ilaina ny mameo ny fotoana mangina rehetra na mamarana mialoha ny fotoam-bavaka. Raha mitsambikina sy mivavaka haingana ny olona sasany, ny hafa kosa maka fotoana lava kokoa hahatsapana ho mahazo aina hivavaka mafy. Rehefa mitranga ny fahanginana, dia avelao izy hitohy kely. Avelao Andriamanitra hiteny mangina amin’ny fo..

Raha tsy zatra miara-mivavaka ao anaty vondrona ny fiangonanao ary mampiditra andinin-tSoratra Masina sy mihira mandritra ny fotoam-bavaka, dia mila mitarika hanome modely ianao.

Raha manahy ianao satria mbola tsy nanao vavaka iombonana teo aloha dia afaka mianatra bebe kokoa amin’ny famakiana ny boky kely *Praying for Rain: A Mini-Handbook to United Prayer*. (Mivavaka ho an’ny Ranonorana : Boky Tari-dàlana ho an’ny Vavaka Iombonana). Azo jerena amin’ny aterneto izany:

<https://www.revivalandreformation.org/resource/all/praying-for-rain>

# Fotoana hivavahana!

## Fotoana ho an'ny vavaka iombonana:

Manokàna 1-2 ora ho an'ny vavaka iombonana ao anaty vondrona madinika, na fotoana lava kokoa araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Manentana anareo izahay mba hanaraka ny lohahevitra "Teboka Hifantohan4ny Vavaka" hita ato anatin'ity fitaovana ity ary hanampy vavaka hafa araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

### *Fotoam-piderana (Fotoam-bavaka iombonana)*

Ireo zavatra hifantohan'ny vavaka dia mety hanampy amin'ny fanombohana ny vavaka, fa tsy vakiana fotsiny. Ampirisihio ny olona hanao izay vavaka manokana manohina ny fony. Mivavaha amin'ny fo. Izany no vavaka tena tian' Andriamanitra ho henoina.

### *Mivavaka ho an'ny finoana lehibe kokoa (Fotoam-bavaka iombonana)*

Mandritra io fotoana io dia hangataka amin'Andriamanitra isika mba hanome antsika finoana lehibe kokoa sy matanjaka kokoa toy ireo lehilahy sy vehivavy ao amin'ny Baiboly. Hivavaka isika mba hanana finoana toy ireo impanara-dia an'Andriamanitra voalaza ao amin'ny Hebreo 11 sy ny andalan-teny hafa ao amin'ny Baiboly.

### *Mivavaka ho an'ny fijoroana ho vavolombelona lehibe kokoa (Fotoam-bavaka iombonana)*

Mivavaha mba hampiasan'Andriamanitra tokoa Andriamanitra ho vavolombelony manokana amin'ny vanim-potoana farany amin'ny tantaran'ny Tany izao. Andriamanitra dia nanome hafatra manokana ho an'izao tontolo izao ho an'ny andro farany.

### *Mivavaka ho an'ny filàn'ny tena manokana sy ny fiangonana (vondrona madinika)*

Araraoty ity fotoana ity hizarana ho vondrona madinika ary hivavahana ho an'ny filàn'ny tena manokana sy ny fiangonana.

### *Farano amin'ny fiderana (Fotoam-bavaka iombonana)*

Miverena miaraka indray ny rehetra hamarana ny fotoam-bavaka amin'ny fiderana iombonana. Mankalazà an'Andriamanitra ary misaora Azy, tsy noho ny zavatra efa nataony ihany, fa noho ny zavatra hataony koa.

## *Fanentanana:*

Entano ny olona hifampivavaka hatrany, na hanangana vondrom-bavaka kely any antokantranony raha tsy mbola nanao izany. (Raha misy mambra te-hanatevin-daharana ny vavaka iraisana isan'andro amin'ny alalan'ny antso an-telefaonina any amin'ny faritra

misy azy eto amin'izao tontolo izao, dia ampirisiho izy ireo hianatra momba ny *Vavaka Iombonana 24/7*. Ny fampahalalana bebe kokoa momba izany dia azo jerena amin'ny aterneto: [revivalandreformation.org/resources/all/join-us-for24/7-united-prayer](http://revivalandreformation.org/resources/all/join-us-for24/7-united-prayer).)

***Mampiato ny fifadian-kanina amin'ny sakafomanokana:***

Ny fiangonana sasany dia mety misafidy ny hiara-misakafo aorian'ny fotoam-bavaka hampiatoana ny fifadian-kanina. Ataovy tsotra ny sakafafa fa aoka hanintona ny sakafafy sy ny rivo-piaianana mba hamorona fotoana manokana. Raha mandrara izany ny fahasamihafana eo amin'ny fiaraha-monina dia manaova “picnic fiderana.”. Aoka hifandimby hizara fiderana sy fijoroana ho vavolombelona bebe kokoa momba ny valim-bavaka

## Tantara Ho An' Ny Ankizy

### MIVAVAKA HO AN'I TOM VOAPOIZINA

*nosoratan'i Andrew McChesney*

Tia biby hatry ny ela i Ema Macura. Fony telo taona izy dia nangataka soavalny. Nohazavain'i Neny fa ny soavalny dia lehibe loatra ka tsy azo hotehirizina ao amin'ny trano fonenany any Serbia. Ka dia nangataka biby fiompy kely kokoa i Ema.

“Afaka mahazo alika ve aho?” hoy izy indray andro. Tsy noheverin'i Dada fa hevitra tsara ny hanana alika. “Kely loatra ho an'ny alika ny tranontsika, ary tsy manana tokontany isika,” hoy ny navaliny. “Mila toerana lehibe kokoa ny biby miaraka amin'ny tokotany. Tsy nataon'i Jesosy honina amin'ny toerana kely sy mihidy toy ny trano fonenana izy ireo.”

Tsy kivy anefa i Ema. “Afaka mahazo saka àry ve aho?” hoy izy. Nilaza i Dada sy Neny fa afaka manana biby fiompy izy raha mifindra amina trano misy tokontany izy ireo.

Niandry tamim-paharetana i Ema ny hifindran'zy ireo trano. Nanao asan'ny pasitora i Dada, ary ny pasitora tany Serbia dia nifindra toerana isaky ny taona vitsivitsy. Rehefa fito taona i Ema dia nifindra toerana ny fianakaviana nony farany, ary nanana tokontany ilay trano vaovao! Rehefa izany dia nisy vehivavy tany am-piangonana nanome zana-tsaka a'i Ema. Vao teraka ny sakany ary misy zanany maromaro.

Faly i Ema ary nireshaka tamin'i Neny. “Nampanantena ianao fa afaka manana biby fiompy isika rehefa mifindra amina trano misy tokontany,” hoy izy. “Aazafaaaaady.” Tsy afaka nandà i Neny. “Eny àry, hiompy saka kely isika,” hoy izy tamin'i Ema.

Nifidy zana-tsaka mahafatifaty misoratsoratra iray i Ema ary nataony hoe Tom ny anarany.

Fotoana fohy taorian'ny nahatongavan'i Tom tao an-tranon'zy ireo dia nahita kalalao mivolontsôkôla tao amin'ny trano fidiovana i Neny. Koa dia niady tamin'ny kalalao i Dada. Nividy poizina miendrika baolina kely mavomavo izy ary nafeniny tao amin'ny efitrano fidiovana ny dimy tamin'ireo baolina kely ireo. Nanafatrafatra an'i Ema sy ny zokiny lahy, Luka, izy avy eo mba hanakatona hatrany ny varavarana'ny efitrano fidiovana amin'ny fotoana rehetra mba tsy hidiran'i Tom.

Indray alahady i Ema sy ny fianakaviany dia nanomana ny fiara handehanana hitsangatsangana sy hitsidika ny dadaben sy ny renibeny any Kroasia. Tsy afaka niaraka tamin'zy ireo i Tom. Rehefa nahavita nanangona entana i Neny dia naka zavatra tao amin'ny efitrano fidiovana ary hadinony ny nankatona ny varavarana. Rehefa tsapan'i Tom fa tsy nisy nanara-maso izy dia nihazakazaka niditra tao amin'ny efitrano fidiovana. Nahita baolina kely mavomavo izy ary nohaniny. Sendra niditra tao amin'ny efitrano fidiovana indrindra i Dada ka nahita an'i Tom nitelina ny farany tamin'ireo baolina kely mavomavo.

“Mihinana poizina izy!” hoy i Dada nikiakiaka. “Fa iza no namela ny varavarana'ny efitrano fidiovana hisokatra e?” Nihazakazaka nankany amin'ny efitrano fandroana i Ema. Nihazakazaka koa i Neny sy i Luka.

Niezaka nanala ilay poizina avy teo am-bavan'i Tom i Dada, saingy tara loatra. Nanomboka nitomany i Ema.

Nihinana poizina be dia be i Tom, nefà izy saka kely vao roa volana. Nitomany mafy i Ema ka tsy afaka niteny . Niezaka nampionona azy i Dada sy Neny. "Angamba hanao fahagagana Andriamanitra", hoy Dada.

Nanoso-kevitra i Neny mba hanaovana vavaka. Nanankimpy ny masonry teo an-dàlantsara akaikin'ny varavarana'ny efitrano fandroana ny fianakaviana. "Andriamanitra ô, vonjeo i Tom mba tsy ho faty", hoy i Dada. "Mangataka Aminao, Jesosy o!, mba velomy i Tom," hoy Ema nifokofoko nitomany.

Tsy nisy zavatra hafa azo natao. Tsy nisy mpitsabo biby teo amin'ny manodidina, ary nisy fianakaviana anankiray niandry azy ireo ho amin'ilay fitsangatsanganana. Nohidian'i Dada tao amin'ny efitrano anankiray nisy sakafy sy rano be dia be i Tom ary lasa ny fianakaviana nankany Kroasia.

Nivavaka imbetsaka ho an'i Tom ny fianakaviana nandritra ny diany. Nivavaka ihany koa izy ireo tao an-tranon'ny dadaben sy renibeny. Tamin'ny fotoanan fisakafoanana dia nivavaka i Ema: "Misaotra, Jesosy, noho izao sakafy izao, ary mangataka Aminao mba velomy i Tom ary ampio izy mba ho sitrana. "

Nilaza tamin'i Ema i Nenibe mba tsy hanahy. "Mandoa ny saka rehefa mihinana zava-dratsy", hoy izy. "“Angamba haloan'i Tom ireo poizina.”

Rehefa tafaverina tao an-trano ny fianakaviana ny harivan'io dia nanoso-kevitra i Neny fa tsara kokoa raha izy no miditra voalohany tao an-trano. Raha vao nosokafany ny varavarana, dia indro nihazakazaka i Tom. Nikiakiaka tamim-pifaliana i Ema. "Velona ianao, ryTom!" hoy izy niantso.

Faly koa i Dada sy Neny. Nanao vavaka fisaorana i Luka. "Misaotra Anao, Andriamanitra o! noho ny namonjenao an'i Tom, "hoy izy. "Hitanay fa lehibe ny herinao." Hitan'i Neny taty aoriania fa naloan'i Tom tao amin'ny efitrano ireo poizina.

"Lehibe Andriamanitra, ary mihaino vavaka avy amintsika ankizy Izy," hoy i Ema. "Misaotra, Jesosy, noho ny fiarovanao anay sy ny biby fiompinay. "

Tapitra hatreo ny tantara. Azoko antoka fa nitandrina kokoa ny tsirairay mba tsy hamela ny varavarana'ny trano fidiovana hisokatra taorian'izany. Lasa ia bebe kokoa an'i Tom i Ema sy Luka hatramin'ny nanavotan'Andriamanitra ny fiainany.

Fantatsika fa indraindray Andriamanitra dia tsy mamaly ny vavaka eo noho eo. Nisy fotoana ela vao nivaly ny vavaka nataon'i Ema mba hahazo saka. Indraindray koa, na dia aorian'ny valim-bavaka aza, dia zavatra ratsy mitranga amin'ny fiainantsika - toy ny nihinan'an'i Tom poizina. Avelan'Andriamanitra hiseho ireny zavatra ireny mba hampitomboana ny finoantsika ary hanampy antsika hatoky Azy bebe kokoa. Noho izany dia aza adino, isaky ny mandalo toe-javatra sarotra ianao, dia mivavaha amin'Andriamanitra. Mihaino ny vavakao Izy, ary afaka manao fahagagana ho anao, toy ny nataony tamin'i Ema. Na dia tsy mamaly eo noho eo aza Izy dia aza kivy. Mivavaha hatrany!

## SOSO-KEVITRA SY HEVITRA MOMBA NY TORITENY

*[Mampirisika anao izahay amin'ny maha mpitandrina / mpandahateny anao mba hamolavola toriteny manokana ho anao amin'ity Sabata manokana ity. Ireto andalan-teny ao amin'ny Baiboly, fanontaniana, teny notsongaina ary eritreritra ireto dia mety hanampy hanao ny fanomanana]*

Lohateny / Lohahevity ny Toriteny: Mitombo amin'ny alalan'ny fitsapana eo amin'ny fiainana rehefa mivavaka ho an'ny finoana matanjaka kokoa isika

Andalan-teny ao amin'ny Baiboly sy fanontaniana hodinihina rehefa manomana ny toriteninao ianao:

Heb. 11: 1 - Inona no atao hoe finoana ary nahoana no tena zava-dehibe izany?

Rom. 12: 3 - Manana finoana ve ny rehetra?

2 Tim. 1: 7; Jaona 10:10 - Avy aiza ny tahotra?

Rom. 10:17; 1 Kor. 15:57 - Avy aiza ny finoana?

1 Kor. 15: 14-17 - Iza no ifotoran'ny finoantsika?

Hab. 2: 4 - Nahoana no zava-dehibe ho an'ny Kristiana ny manana finoana?

Nom. 14:28 – Ferantsika amin'ny tsy fahampian'ny finoantsika sy ny fisalasalana ve Andriamanitra?

Rom. 8: 14-39 - Inona no ampanantenain'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitsapana sy fijaliana mahazo antsika?

Rom. 8:24, 25 - Nahoana isika no afaka mivavaka ho an'ny zavatra tsy hitantsika ary manohy mamikitra hatrany?

Sal. 119: 71, 75 – Misy antony manokana ve amelan'Andriamanitra ny fizahan-toetra hitranga amin'ny fiainantsika?

2 Kor. 4: 7-10 - Inona no tian'Andriamanitra haseho eo amin'ny toetrantsika?

Mat. 15: 24-28 - Afaka midera an'Andriamanitra ve isika na dia toa tsy mamaly ny vavaka ataontsika aza Izzy?

Mal. 3: 2, 3; Sal. 119: 71 - Nahoana Andriamanitra no mampiasa fisedrana hanadiovana antsika?

Gen. 50:20 - Ahoana no fomba hahatonga ny zavatra anankiray kasain'ny fahavalohanisiana ratsy antsika hivadika ho lasa tsara?

Sal. 56: 8 - Misy ranomasantsika ve very na tsy jeren'Andriamanitra?

Apok. 2:10: Inona no valisoan'ny mitoetra ho mahatoky hatramin'ny farany?

Apok. 21: 4; Jer. 31: 13 - Inona no hitranga amin'ny fahoriantsika rehetra?

Nalaina avy tamin'ny boky *Daring to Ask for More* (Sahia Mangataka Bebe Kokoa) nosoratan'i Melody Mason

Raha mandinika ny Baibolintsika isika dia mahita fa ny finoana dia iray amin'ireo fanomezana asongadina indrindra ao amin'ny Soratra Masina rehetra. Satria io no *vavahady* ahazoana ny fanomezana hafa rehetra.

Ny marary dia sitrana amin'ny finoana (Mat. 9:22); amin'ny fahasoavana no hamonjena antsika amin'ny finoana (Efes. 2: 8); isika dia hamarinina amin'ny finoana (Rom. 3:28); ny mpianatra dia niasa tamin'ny finoana (Asa 6: 8); mitondra ny ampingan'ny finoana isika (Efes. 6:16); ny marina ho velona amin'ny finoana (Rom. 1:17); ny marina mandeha amin'ny finoana (2 Kor. 5: 7); isika dia zanak'Andriamanitra amin'ny finoana (Gal. 3:26); ary amin'ny farany, ny zavatra misy lanjany indrindra dia ny finoana miasa amin'ny fitiavana (Gal. 5: 6). Raha ny tena izy ny fanorenan'ny fivavahana kristiana dia miorina amin'ny fototry ny finoana, ary tsy manan-kery eo amin'ny fiainantsika ny filazantsara raha tsy misy azy. Izany no antony mahatonga ny devoly ho tapa-kevitra ny hitondra fisalasalana sy tsy finoana eo amin'ny fiainantsika ankehitriny! Tsy vitan'ny hoe tsy mandroso ny asa fanompoantsika raha tsy miaina amin'ny finoana isika, fa isika mihitsy koa no halazo ara-panahy raha tsy misy izany.

Amin'ny maha-Kristiana antsika dia miatrika ady isan'andro isika, ady eo amin'ny *zava-misy mifanohitra amin'ny fihetseham-po* izany. Ny vokatr'io ady lehibe io no hamaritana izay karazana finoana tazonintsika. Mamelà ahy hanazava misimisy kokoa.

Ny zava-misy dia izay hitantsika ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ny zava-misy, na dia miorina amin'ny zava-misy tsy hita maso sy ny teny fikasana momba ny tsy hita maso aza, dia tsy mihetsiketsika, satria maneho ny toetran'Andriamanitra tsy miova. Izany hoe tsy afaka mandainga Izy (Titosy 1: 2); tsy hiova izy (Jak. 1:17); omaly sy anio ary mandrakizay (Heb. 13: 8); ary mazoto kokoa Izy hanome zava-tsoa antsika mihoatra noho isika hanome zava-tsoa ho an'ny zanatsika (Lioka 11:13). Rehefa manorina ny finoantsika amin'ny zava-misy isika dia manana fototra mafy orina hiatrika ny tafio-drivotra rehetra.

Ny fihetseham-po, mifanohitra amin'izany, dia miovaova hatrany, satria miorina amin'ny fanandramantsika manokana, amin'ny fientanam-po miovaova, ny fanahiana, ny fahalainana ara-panahy ary ny vavaka tsy voavaly. Raha tokony hanoro hevitra amin'ny alalan'ny Tenin' Andriamanitra momba ny fanapahan-kevitra, ny fahatsapana dia maka torohevitra avy amin'ny tena samirery, avy amin'ny fahendren'izao tontolo izao, avy amin'ny namana tsy mino, ary avy amin'ny fandramana kristiana teo aloha tsy namokatra. Rehefa manorina amin'ny finoana amin'ny fihetseham-po izay mivezivezy isika, dia toy ny hoe manorina ny tranontsika ambonin'ny fasika. Izay tafio-drivotra tonga dia mety handrodana azy.

Rehefa ny fihetseham-po no mialoha lèlana dia manaraka hatrany ny finoana — na amin'ny tsy firaihana izany na amin'ny fientanentanana. Mampalahelo fa misy ny mihevitra ny

fihetsem-po mafana ho porofon'ny finoana. Ny finoana dia tsy fahatsapana mafana fotsiny izay azonao rehefa mieritreritra zavatra antenainao ianao, na zavatra izay eritreretinao fa mety hataon'Andriamanitra. Ny finoana dia tsy maintsy miorim-paka amin'ny zava-misy tsy miova an'ny Tenin'Andriamanitra - fa tsy amin'ny fihetsem-pontsika miovaova.

"Ny finoana dia mandray an 'Andriamanitra amin'ny Teniny, na misy fahatsapana/fihetseham-po na tsy misy. 'Io no votoatin'ny zavatra antenaina, ny porofon'ireo zavatra tsy hita.' Raha afaka mino ny mpiara-belona amintsika isika, nahoana moa isika no tsy hatoky ny Tenin 'Andriamanitra? Rehefa manatona Azy hangataka fahendrena na fahasoavana isika dia tsy tokony hijery ny tenantsika mba hahitana raha nanome antsika fahatsapana manokana Izy ho fanomezan-toky fa nanatanteraka ny Teniny. Tsy fepetra ny fahatsapana/fihetseham-po. Olana lehibe no nitranga rehefa nanaraka ny fahatsapany/fihetseham-pony ny Kristiana. Ahoana no ahalalako fa mihaino ny vavaka atako i Jesosy? – Fantatro izany noho ny teny fikasany. Nilaza izy fa hihaino ny tra-pahasahiranana rehefa mitaraina Aminy izy ireo, ary mino ny Teniny aho. Tsy mbola nilaza tamin'ny 'taranak'i Jakôba Izy hoe: foana no itadiavanareo Ahy' Raha mandeha ao amin'ny fahazavana isika dia afaka manatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana masina. Azontsika aseho amin'ny finoana velona ny teny fikasan'Andriamanitra ary manentana ny fitalahoantsika. Na dia malemy aza isika, meloka sy tsy mendrika, 'ny Fanahy dia mamonjy antsika amin'ny fahalementsika'. . . Rehefa natolotsika indray mandeha ny fangatahantsika dia tsy tokony hajanontsika avy eo, fa mitenena, toa an'i Jakôba rehefa nitolona tamin'ny anjely nandritra ny alina izy, nanao hoe: 'Tsy havelako handeha ianao, raha tsy tahinao aho,' ary handresy tahaka azy koa isika "(Bible Echo, 24 septambra 1894).

Raha miandry isika ny *hahatsapa* ho afaka matoky tanteraka an Andriamanitra alohan'ny hatokisantsika tanteraka an Andriamanitra, dia angamba isika tsy hatoky Azy mihitsy. Raha miandry isika ny hahatsapa ho mila mivavaka alohan'ny hivavahana dia mety tsy hivavaka mihitsy isika.

Alaivo sary an-tsaina fotsiny ny ffanoheran'ny fahatsapan'i Abrahama tamin'ny finoany rehefa inyizy sy ny zanany nihanika ilay tendrombohitra mankany amin'ilay toerana nangatahan' Andriamanitra azy hanolotra an'isaka ho fanatitraa. Saingy, izy dia tao amin'ny ivon'ny sitrapon' Andriamanitra. Alaivo sary an-tsaina fotsiny ny zavatra tsapan'i Jaona Mpanao Batista tao an-tranomaizina raha Jesosy teo am-panaovana fahagagana. Ary na dia i Jesosy aza dia nilaza fa tsy nisy mpaminany lehibe noho Jaona Mpanao Batista tamin'izay nateraky ny vehivavy. Alaivo sary an-tsaina fotsiny ny zavatra tsapan'ny Isiraelita rehefa voasakan'ny Ranomasina Mena nefo ny tafika mahery indrindra teto an-tany nanatona haingana. Kanefa Andriamanitra dia nanomana ny iray tamin'ireo fahagagana lehibe indrindra tamin'ny fotoana rehetra.

Hoy ny teny avy amin'ny tsindrimandry amintsika:

"Ny fahavaloo dia mitazona ny maro aminareo tsy hivavaka, amin'ny filazany fa tsy mahatsapa akory ny vavaka ataonao ianao, ary tsara kokoa ho anao ny miandry mandra-pahafantatrao bebe kokoa ny fanahin'ny fanelanelanana fandrao ho lasa toy ny fanesoana fotsiny ny vavakao. Nefo ianao tsy maintsy milaza amin'i Satana fa 'Voasoratra hoe' "tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva ny olona ka tsy reraka". Tsy maintsy mivavaka isika mandra-pahatongan'ny filantsika ho enta-mavesatry ny

fanahintsika; ary raha maharitra isika dia ho azontsika izany. Hamonto antsika amin'ny Fanahiny Masina ny Tompo ” (Prayer, p. 268).

Raha ny marina, rehefa tsy manam-paniriana ny hivavaka isika, dia izay indrindra no fotoana ilaintsika hivavahana. “Amin’ny fanaovana izany isika dia hanapatapaka ny fandrik'i Satana, hisinda ny rahon'ny haizina ary ho tsapantsika ny fanatrehana mamin'i Jesosy ” (Prayer, p. 271)

Ny iray amin'ireo teny notsongaina momba ny vavaka ankafiziko indrindra dia avy amin'ilay boky kely hoe *Ny Dia ho eo amin'I Kristy*. Eto i Ellen White dia nanoratra hoe:

“Nahoana ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra no kamo mivavaka, nefà ny fivavahana no fanalahidy eo an-tànan'ny finoana hamohana ny trano fitehirizan'ny lanitra, izay iraketana ny haren'ny Tsitoha tsy hita lany ? ” (DHK, pp. 111).

Milaza amintsika ny Baiboly manao hoe: "Tongava aminareo araka ny finoanareo" (Mat. 9:29). Hoy koa izy: "Minoa dia ho azonareo izany " (Marka 11:24).

Hitanao fa ny vavaka no fanalahidy, fa ny finoana kosa no *tokony hanao ny asa*. Ny finoana no hery manodina ny fanalahidy eo amin'ny hidim-baravarana ary manokatra ny varavarana. Ary manao izany izy satria matoky an Andriamanitra; matoky izy fa misy fitahiana toa tsy mampino ao ambadik'io varavarana mihidy io. Irintsika ve ny hatoky an'Andriamanitra ankehitriny, na manao ahoana na manao ahoana ny fahatsapantsika, ary hanodina ny fanalahidy ao amin'ny trano fitehirizan'ny lanitra?

“Mandra-pahoviana no hiaintantsika toy ny hoe tsy azo itokisana Andriamanitra? Mandra-pahoviana no tsy hitsaharantsika hijery ny fihetsem-pontsika hilaza amintsika raha marina ny lèlana iray na tsia? Amin'izao andro farany izao Andriamanitra dia maniry mafy ny handrotsaka ny Fanahiny Masina amin'ny olony, saingy mba hanatanterahany izany, dia ilainy ho fantatra fa afaka matoky Azy isika. Ilainy ho fantatra fa hanaraka azy isika, *na mahatsapa ho tia ny hanao izany isika na tsia*. Satria rehefa mijery ny devoly ka mahita ireo izay hanaraka an'i Jesosy Kristy, *na maniry izany izy ireo na tsia*, dia fantany fa kely sisa ny androny ” (teny notsongaina avy tamin'i Bernard Shaw tao amin'ny toritenin'i Shane Anderson).

Ny finoana dia azo faritana amin'ny fomba maro, fa mba hamintinina azy tsara kokoa, dia totra ny ilazana azy: fahatokiana an'Andriamanitra sy ny Teniny ary ny fahafahany manatanteraka izay nampanantenainy, dia fahatokiana amin'ny fomba feno fahasahiana, tsy milefitra, tsy miovaova, tsy voahozongozona - na dia mbola tsy hitantsika aza izany.

Hoy ny Baiboly amintsika: "Sambatra izay tsy nahita nefà nino" (Jao. 20:29).

Teny notsongaina fanampiny avy amin'ny teny azo tamin'ny tsindrimandry:

“Talanjona tamin'ny tsy finoana sy ny fimonomononan'ny vahoaka Isiraely ny olona maro, ary miteny anakampo fa tsy mba ho tratry ny tsy fahaizana misaotra mihitsy raha izy no teo amin'ny toerany; nefà ange raha izy no sendra tojo sorisory kely dia mitovy amin'Isiraely fahizay ny tsy finoana sy ny tsy faharetana asehony. Mimonomonona amin'ny olona sy ny zavatra ampiasain'Andriamanitra hanadiovana azy ny olona sasany raha mandala fotoan-tsarotra. Ny hafa indray izay miadam-

pinaritra ankehitriny, dia mitebiteby lava amin'ny fieritreretana fa mty ho tratry ny tsy fisiana izy mianakavy » - (Patriarka sy Mpaminany, p. 291).

“Mitenena ary miasà saha tahaka ny manam-pinoana tsy azo resena. Manankarena amin’ny tahiry Andriamanitra. Azy izao tontolo izao. Andrandrao eny an-danitra amim-pinoana ny fijerinao. Mijere Azy Izay manana ny fahazavanasy ny hery ary ny fahombiazana” (HF, p. 119).

“Aza manome toerana velively ho an’ny fisainana feno hakiviana eo amin’ny asan’ Andriamanitra. Aza mamoaka teny na oviana na oviana tenim-pisalasalana” (Evangelism, p. 633).

“Afaka manozongozona ny finoana mafy orina indrindra ny hakiviana ary afaka mandemy ny sitrapo matanjaka indrindra koa. Fantatry ny Tompo anefa ny zavatra rehetra, ka tsy mitahatra ny mitia sy mangoraka ny zanany Izy. Vakiany ao amin’ny fon’izy ireo ny fiheverana sy ny fikasana izay manentana azy. Miandry am-paharetana sy amim-pahatokiana rehefa toa manjombona ny zavatra rehetra, izany no tokony hianaran’izay rehetra manao ny asan’ Andriamanitra. Tsy mandao na oviana na oviana ny azy eo amin’ny fahoriana Andriamanitra. Tsy misy toe-javatra na dia iray aza azo heverina ho mampamoifo; toy izany ny manjo ny olona mahatsiaro ny tenany fa tsinontsinona, nefo rehefa mitoky tanteraka amin’ Andriamanitra izy dia mahazo fandresena” (Mpaminany sy Mpanjaka, p. 141, 142).

Tantaran’ny tena manokana:

- *Mizarà tantaram-piainana marina ny amin’ny fomba nampitomboan’Andriamanitra ny finoanao (ny an’ny pasitora / mpandahateny) tamin’ny alàlan’ny fitsapana sasany.*
- *Mizarà tantara momba ny valim-bavaka.*
- *Matetika ny olona dia manadino ireo tebokatao amin’ny toriteny, saingy mahatadidy ny tantara izay notantaraina izy ireo!*

Manaova antso ho an’ny mpihaino mba hijoro ho an’i Jesosy, na inona na inona tafio-drivotra. Asao izy ireo hatoky ny Teniny.

[Aza adino ny manasa ny olona hanatrika ny fotoam-bavaka tolakandro.]

## Fampaherezana sy Fisaintsainana amin'ny Tolakandro

### **MIVAVAKA HO AN'NY FINOANA LEHIBE KOKOA: FINOANA HAHAFAHANA MIARITRA SY MIJORO HO VAVOLOMBELONA AMIN'IREO ORAM-BARATRA HO AVY**

Ao amin'ny Lioka 18: 8 dia nametraka fanontaniana lehibe i Jesosy manao hoe: “Rehefa tonga ny Zanak'olona, moa hahita finoana ety ambonin’ny tany va Izy?”

Fa nahoana no fanontaniana lehibe izany?

Izao no vakintsika ao amin'ny boky *Hery Mifanandrina*:

“Ny andro feno fahoriana sy tebiteby eo anoloantsika dia hitaky finoana izay mahatanty hatrotrahana, fiandrasana ela sy hanoanana - finoana izay tsy ho reraka na dia voasedra mafy aza. Omena ny rehetra ny androm-pahasoavana mba hiomanana ho amin'io fotoana io. Nandresy i Jakôba satria nanam-paharetan izy ary matotra tamin’ny finiavany. Ny fandreseny dia manaporofo ny herin'ny fivavahana maharitra. Izay rehetra mifikitra amin’ny teny fikasan'Andriamanitra, tahaka ny nataony, ka mafana fo sy manam-pikirizana tahaka azy, dia hahomby tahaka ny nahombiazany koa. Izay rehetra tsy vonon-kandà ny tenany ka hitolona mafy amin'Andriamanitra, hivavaka amim-paharetana sy hitaky amin’ny fo mafana ny fitahiany, dia tsy hahazo izany. Ny mitolona amin'Andriamanitra – vitsy dia vitsy no mahalala izany! Vitsy dia vitsy no manana fanahy voasarika hitady an'Andriamanitra amin’ny faniriana mafy indrindra ka hampiasa ny heriny rehetra ho amin’izany. Rehefa manafotra nmpitaraina ny onjan’ny famoizam-po tsy hay ambara, dia vitsy loatra nomifikitra amin’ny teny fikasan'Andriamanitra amin’ny finoana tsy mety ketraka” – (HM, 647).

Amin'ny fahafantarana fa misy fotoan-tsarotra sy korontana lehibe tsy mbola nisy toa azy miandry antsika, dia ahoana no hiomanantsika amin’izany? Ahoana no fomba hikolokoloantsika finoana tsy azo hozongozonina izay hijoro ho vavolombelony ka tsy hiala amin’ny teny fikasany?

Voalohany, rehefa misaintsaina ny zava-dehibe ilaintsika isika, dia andeha hanao topimaso ny atao hoe finoana marina amin'ny fijerena ny Hebreo, toko faha-11. Efa namaky an'ity toko momba ny finoana ity imbetsaka angamba isika, fa andeha hiarahantsika mamaky azy indray. Hifantoka amin'ity toko ity isika amin'ny fotoam-bavaka

[Vakio ny toko manontolo amin'ny Hebreo 11.]

Araka ny ampahatsiahivin’io toko manan-danja io antsika, ny finoana dia fahatokiana an' Andriamanitra na dia tsy mahita na mahatakatra izay ataony aza isika. Matoky Azy amin'ny alàlan'ny fanaintainana, ny afo ary ny tsy fisian'ny porofo ara-materialy. Ny finoana, araka ny lazain'ny Baiboly amintsika, dia tena "fahatokiana ny zavatra antenaina sy fanehoana ny zavatra tsy hita » (Heb. 11: 1).

Ny Matio 8: 5-13 dia mampahatsiahy antsika ihany koa ny atao hoe finoana marina, amin'ny toetra maha-izy azy, tsy misarontsarona. Eto isika dia mamaky ny tantaran'ilay kapiteny izay nanatona an'i Kristy nitady fanasitrana ho an'ny mpanompony. Jesosy namely azy hoe: "Ho avy any an-tranonao Aho ary hahasitrana azy." Ny ankamaroan'ny olona dia ho faly tamin'izany tolotra izany; fa ilay kapiteny kosa namaly hoe: "Tompoko, tsy mendrika hidiranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho; fa *mitenena ihany* dia ho sitrana ny ankizilahiko" (Mat. 8: 8).

Ity Jentilisa ity dia *nino ny Tenin'i Kristy irery ihany!* Finoana izay na dia Isiraely aza tsy naneho azy. Izany no nampitolagaga an'i Kristy. Isiraely dia nanana ny Soratra Masina tao amin'ny Testamenta Taloha; nahay tsianjery izany. Izy ireo dia nirehareha ho "olon'ny boky", vahoakan'Andriamanitra. Namaky ny Tenin'Andriamanitra izy ireo, nitory izany ary nampianatra izany, saingy tsy nino izany. Kanefa, ity kapiteny ity dia nino fa nisy hery tao amin'ny Teny tononina fotsiny ihany, ary vokatr'izany dia nanasitrana ny mpanompon'ilay lehilahy i Kristy tamin'io ora io indrindra.

Izany no karazana finoana ilaintsika ankehitriny - finoana izay afaka miantehitra amin'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany!

Mampalahelo anefa fa izao no lazaina antsika: "Betsaka no tsy manana ny herin'ny finoana velona. Mihevitra izy ireo fa manana finoana, nefo eritreritra na fihetsika amin'ny fotoana iray fotsiny ihany" (Christ *Triumphant*, p. 54).

Raha tsapanao fa malemy ny finoana dia aza kivy! Andriamanitra dia nanome antsika izay tena ilaintsika mba hampitombo ny finoantsika toa an'ireo lehilahy sy vehivavy tamin'ny andron'ny Baiboly. Ny andalan-teny ao amin'ny Romana 10:17 dia milaza amintsika hoe: "Ny finoana dia avy amin'ny toriteny (zavatra norenesina) ary ny toriteny (zavatra norenesina) dia avy amin' ny tenin'i Kristy"

Mandritra ny fotoam-bavaka iarahantsika anio tolakandro dia hifantoka amin'ny vavaka mba hampitomboan'Andriamanitra ny finoantsika isika. Hivavaka isika mba hampahatanjahany antsika amin'ny alalan'ny fitsapana lalovantsika, hifikitra amin'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany.

Raha miaina amin'ny fotoana feno zava-tsarotra aza isika, ary mora ny hahatonga antsika ho feno ahiahy sy tahotra ny amin'ny ho avy, dia tokony ho tsarovantsika fa avelan' Andriamanitra handalo fitsapana isika mba hamolavolana sy hanomanana antsika. Ao amin'ny Salamo 119: 71, 75, dia mamaky toy izao isika: "Soa ihany aho nampahorina, mba hianarako ny didinao... Fantatro, Jehovah ô, fa marina ny fitsaranao, ary ny fahamarinanao no nampahorianao ahy."

LB. Cowman, mpanoratra ny bokymahafinaritra *Streams in the Desert*, dia nanoratra hoe:

"Tamin'ny fiainan'ireo olo-malaza rehetra ao amin'ny Baiboly, dia toy izany no fiasan'Andriamanitra. Tsy lehibe hatrany am-boalohany i Abrahama, i Mosesy ary i Elia, nefo tonga lehibe noho ny fifehezana tamin'ny alalan'ny finoany, ary tamin'izany fomba izany ihany no nahatonga azy ireo ho mendrika ny toerana niantsoan' Andriamanitra azy ireo. Ohatra, momba an'i Josefa izaynofanin'ny Tompo ho amin'ny sezafiana tany Egypta, dia vakintsika ao amin'ny Salamo manao hoe: 'Ny tenin'i Jehovah no nitsapana azy.' Tsy ny fiainana tao am-ponja niaraka tamin'ny fandriana mafy na ny sakafotsy dia tsara no nitsapana azy; fa ny teny efa nolazain'

Andriamanitra tao am-pony tany amin'ireo taona voalohandohan'ny fiainany momba ny fisandratana sy ny voninahitra no lehibe noho izay tokony ho noraisin'ny rahalahiny; izany no teo anoloany mandrakariva, raha ny dingana rehetra tamin'ny fiainany kosa dia toa nahatonga izany ho tsy azo tanterahina intsony, mandrapahatongany nogadraina tany, ary tao anatin'ny tsy fananan-tsiny tanteraka ; fa ny sasany izay naiditra am-ponja ara-drarinny no indro navotsotra, fa izy kosa navela hijaly irery tao. Ireo no ora nizahan-toetra ny fanahiny, saingy oran'ny fitomboana sy ny fivelarana ara-panahy, izay, 'rehefa tonga ny teniny' (ny teny fanafahana), nahatonga azy ho afaka hanatanteraka ny asa saro-pady sy sarotra tamin'ny fifampiraharohana tamin'ireo rahalahiny maditra, miaraka amin'ny fitiavana sy ny faharetana izay Andriamanitra irery ihany no afaka nihoatra izany "(Mrs Charles E. Cowman, *Streams in the Desert*, Mey 12, azo jerena ao amin'ny <https://www.crosswalk.com/devotionals/desert/streams-in-the-desert-may-12th.html>).

Hoy izy manohy izany:

"Tsy misy fanenjehana maneho fizahan-toetra tahaka izany fanandramana izany. Rehefa nanambara momba ny fikasana hataony Andriamanitra, nefo mandeha ihany ny andro fa tsy nataony izany, dia tena mafy tokoa; kanefa izany dia fifehezan'ny finoana izay hitarika antsika hanana fahalalana an'Andriamanitra izay tsy ho azo natao tamin'ny fomba hafa " (ibid.).

Hamarana ity fampaherezana sy fissaintsainana ity isika amin'ny alàlan'ny fidirana bilaogy nataon'i David Wilkerson izay efa nodimandry ity. Wilkerson, mpanoratra ny boky malaza *The Cross and the Switchblade*, dia nandany ny ankamaroan'ny androm-piainany teny andalambe tao an-tanànan'i New York nitory tamin-ireo andian-jatovo sy mpidoroka zavamahadomelina. Vokatry ny asa fanompoany sy ny fitiavany an'i Kristy, dia an'arivony no afaka tamin'ny aizina.

Ny 27 aprily 2011 dia nanoratra fidirana bilaogy tsotra izy, toy ny fanaony saika isan'andro. Fa hafa noho ny rehetra ity andro ity. Fotoana fohy taorian'ny nanoratany ny fidirana bilaogy dia nankany an-tanàna hividy zavatra kely izy ary matin'ny lozam-pifamoivoizana mahatsiravina. An'arivony no tonga nanome voninahitra ny fahatsiarovana azy.

Raha dinihina ny fiainana niainany sy ny fahafatesany tampoka tsy hay hazavaina, ny fidirana bilaogy farany nataony dia misy hevi-dalina sy mbola misy ifandraisany amintsika ankehitriny:

"Ny mino rehefa tsy misy mahomby ny fomba rehetra dia tena ankasitrah'an' Andriamanitra sy ekeny. Hoy i Jesosy tamin'i Tomasy: 'Satria nahita Ahy ianao dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita nefo nino' (Jaona 20:29).

Sambatra izay mino na dia tsy misy porofon'ny valim-bavaka aza – dia ireo izay matoky hatrany ankoatra ny fanantenana rehefa tsy nisy nahomby ny fomba rehetra.

Misy olona tonga eo amin'ny toeran'ny tsy misy fanantenana intsony - faran'ny fanantenana - faran'ny fahafaha-manao rehetra. Ny olon-tiana iray miatrika fahafatesana ary tsy manome fanantenana ireo mpitsabo. Toa tsy azo ihodivirana ny fahafatesana. Lasa ny fanantenana. Tsy nitranga ny fahagagana nangatahina.

Amin'izany no tonga ny tafik'i Satana mameley ny sainao amin'ny tahotra, ny fahatezerana ary ny fanontaniana mandreraka: 'Aiza izao ny Andriamanitrao? Nivavaka ianao mandra-paha-tapitra ny ranomasonao. Nifady hanina ianao. Nfikitra tamin'ny teny fikasana ianao. Natoky ianao.'

Misy eritreritra fitenenan-dratsy tafiditra ao an-tsainao: 'Tsy nahomby ny vavaka. Tsy nahomby ny finoana. Aza miala amin 'Andriamanitra – fa aza matoky azy intsony fotsiny izao. Tsy ilaina izany! '

Na ny fisalasalana ny amin'ny fisian'Andriamanitra aza dia hiditra ao an-tsainao. Ireo no fitaovana ampiasain'i Satana nandritra ny taonjato maro. Ny sasany amin'ireo lehilahy sy vehivavy mpivavaka indrindra nisy teo amin'izao tontolo izao dia notafohin'ny devoly toy izany.

Ho an'ireo izay mandalo ny lohasaha sy ny aloky ny fahafatesana dia henoy izao teny izao: haharitra mandritra ny alina maizina sy mahatsiravina ny ranomaso - ary ao anatin'izany haizina izany dia ho renao tsy ho ela ny bitsibitsiky ny Ray manao hoe: 'Momba anao Aho. Tsy afaka milaza aminao ny anton'izao Aho, fa indray andro any dia hisy dikany ny zavatra rehetra. Ho hitanao fa tao anatin'ny drafitra nataoko avokoa izany. Tsy kisendrasendra izany. Tsy hoe tsy fahombiazana avy aminao akory io. Mifikira tsara. Avelao Aho hamihina anao amin'ny ora fahorianao.'

Ry malala, tsy mbola nitsahatra niasa tamin'ny hatsaram-panahy sy ny fitiavana Andriamanitra. Rehefa tsy mahomby ny fomba rehetra – ny fitiavany kosa dia mandresy. Tano mafy ny finoanao. Mifikira mafy amin'ny Teniny. Tsy misy fanantenana hafa eto amin'izao tontolo izao."

(*Fampidirana bilaogy farany nataon'i David Wilkerson ny andro nahafatesany, 27 aprily 2011, <http://davidwilkersontoday.blogspot.com/2011/04/when-all-means-fail.html>.*)

Tena fanambarana amin'ny fomba lalina tokoa! Tano mafy ny finoanao. Mifikira mafy amin'ny Teniny. Tsy misy fanantenana hafa eto amin'izao tontolo izao!

Fotoana izao hivavahana mba hanampian'Andriamanitra antsika hanana finoana toy izany! Finoana tsy miala, na inona na inona tafio-drivotra atrehantsika. Andeha isika hivavaka mba ho vavolobelona mamirapiratra ho voninahiny.

## Taratasy 1 ho an'ny Vavaka Iombonana

### TEBOKA HIFANTOHAN'NY VAVAKA IOMBONANA

*[Ireto teboka manaraka ireto dia natao hanombohana fotsiny. Aza mihevitra fa tsy maintsy hanao ny vavaka rehetra voatanisa eto. Andriamanitra koa dia hitondra vavaka fanampiny ao an-tsainao. Mivavaha araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina.]*

#### Fotoam-piderana (Fotoam-bavaka Iombonana)

- Misaotra an Andriamanitra fa Izy dia Andriamanitra mihaino sy mamaly vavaka. (Mat. 7: 7)
- Misaotra an'Andriamanitra fa tsy afaka mandainga Izy, ary ny Teniny tsy miverina Aminy foana. (Isaia 55:11)
- Misaotra an'Andriamanitra fa rehefa mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy. (1 Jaona 5:14)
- Misaotra an'Andriamanitra noho ny teny fikasany lehibe sy sarobidy. (2 Pet. 1: 4)
  - Misaora an Andriamanitra noho ny famelany heloka sy ny fandresena ao amini Jesosy (1 Jaona 1: 9; 1 Kor. 15:57)

#### Mivavaka Ho An'ny Finoana Lehibe Kokoa (Fotoam-Bavaka Iombonana)

- Mangataka an'Andriamanitra hampianatra antsika ho noana sy hangetaheta ny fiarahana mandeha lalindalina kokoa Aminy. (Mat. 5: 6)
- Mangataka an'Andriamanitra hanome antsika finoana lehibe kokoa toa an'ireo lehilahy sy vehivavy ao amin'ny Baiboly. (Heb. 11: 1)
- Mangataka an' Andriamanitra hanome antsika herimpo sy finoana hivavahana amin'ny fankatoavana, toa an'i Abela. (Heb. 11: 4)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hiaina miavaka amin'izao tontolo izao ary handeha amin'ny finoana toa an'i Enoka. (Heb. 11: 5)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hitory ny fahamarinana amin'ny fahasahiana sy finoana toa an'i Noa. (Heb. 11: 7)

- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika handroso amin'ny finoana, manaraka ny antsony, toa an'i Abrahama. (Heb. 11: 8)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hino fa mbola afaka manao zavatra mila tsy ho vita Izy, toa an'i Saraha. (Heb. 11:11)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hametraka ny zava-drehetra eo amin'ny alitara, eny fa na dia ireo fanomezana sarobidy ananantsika aza. (Heb. 11:17)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika, toa an'i Abrahama, hatoky fa afaka manangana ny maty Andriamanitra. (Heb. 11:19)
- Mangataka an' Andriamanitra hampianatra antsika finoana, toa an'i Josefa, na dia tsy mandeha arak any tokony ho izy aza ny zava-drehetra. (Gen. 39: 3)
- Mangataka an' Andriamanitra hanome antsika finoana, toa an'i Mosesy, hanompo na eo aza ny fahalementsika. (Heb. 11: 24-26)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika tsy hatahotra hiatrika ny Ranomasina Mena misy zavatra toa tsy azo manoloana aintsika. (Heb. 11:29)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hivelona ho an'ny Mpanjaka tokana, ny Mpanjakan'ny Lanitra ihany. (Heb. 11:27)

### **Mivavaka ho an'ny fijoroana vavolombelona lehibe kokoa (Fotoam-bavaka Iombonana)**

- Mangataka an' Andriamanitra hanaitra antsika amin'ny fahalainantsika ara-panahy, mba hahafahantsika hanaitra ny hafa. (Rom. 13:11)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika tsy ho voafitaka ara-panahy, toy ny maro ankehitriny. (Marka 13:22)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika handalina bebe kokoa ny Teniny hahafahantsika mizara ny marina. (Isaia 8:20)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika handalina ny Daniela sy ny Apôkalipsy eo am-piomanana amin'ny andro farany. (Apok. 1: 1)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hahatakatra ny dikan'ny hafatry ny anjely telo (Apôk. 14)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hahafantatra ny fomba fizarana ny hafatry ny anjely telo. (1 Pet. 3:15)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hahita ny lanjan'ireo zava-mitranga ankehitriny ao amin'ny faminaniana. (1 Kor. 2:10)
- Mangataka an' Andriamanitra hampahatsihy antsika fa ny fankatoavantsika manokana dia vavolombelona mahery vaika. (1 Kor. 10:31)

- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika hivavaka am-pinoana mandrapianjeran'ny mandan'i Jeriko. (Heb. 11:30)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika tsy hatahotra amin'ny fiarovana ireo izay enjehina. (Heb. 11:31)
- Mangataka an' Andriamanitra hanampy antsika tsy hatahotra na dia manohitra antsika aza izao tontolo izao. (Heb. 11: 32-34)
- Mangataka an' Andriamanitra hanome antsika masom-pinoana mba hinoantsika na dia tsy mahita aza isika. (Jaona 20:29)

### **Mivavaka Ho An'ny Filàñ'ny Tena Manokana Sy Ny Fiagonana (Vondrona Madinika)**

- Mivavaka mba ho vonona ho amin'ny fiavian'i Jesosy tsy ho ela ny fianakaviana. (Apok. 1: 7)
- Mivavaka ho an'ireo havana akaiky izay nihemotra na mbola tsy nahalala an'i Jesosy. (2 Pet. 3: 9)
- Mivavaka mba hiarahan'ny zanakao mandeha amin'ny Tompo na hiverina amin'ny Tompo (Jer. 31:16, 17)
- Mivavaka ho an'ireo izay tsy midi-piangonana sy ny fomba hanaovana asa fitoriana. (Jaona 13:35)
- Mivavaka mba hanesoran'i Satana ireo zavatra manajamba ny mason'ireo voafitaka. (Ezk. 12: 2)
- Mivavaka ho an'ny pasitora / loholona sy mpitondra fiagonana ary ny fianakaviany. (Ezk. 34: 8)
- Mivavaha ho an'ny fitantanana ny Federasiona / Misiona / Diviziona misy anao. (1 Tim. 2: 1, 2)
- Mivavaka ho an'ny fitantanana ny Foibe Maneran-tany, mba banana fahendrena eo amin'ny fitantanana. (1 Tim. 2: 1, 2)
- Mivavaka ho an'ny mpitondra fanjakana sy ny mpitondra firenena, mba hisian'ny fandriam-pahalemana ara-pivavahana. (1 Tim. 2: 1, 2)
- Mivavaka mba handroso amin-kery ny asa fanompoana ataon'ny tena manokana sy ny asa eo an-toerana. (1 Tes. 5:24)
- Mivavaka mba ho vonona ho amin'ny fihavian'i Jesosy tsy ho ela isika. (Mat. 24:42)

### **Faranana amin'ny Fiderana (Fotoam-bavaka Iombonana)**

- Misaotra an'Andriamanitra amim-pinoana ny amin'ny fomba hamaliany ny vavaka rehetra nataontsika. (1 Tes. 5: 16-18)
- Misaotra an'Andriamanitra fa ny lalany sy ny fiheverany dia avo noho izay takatsika. (Isaia 55: 8)
- Misaotra an'Andriamanitra fa afaka manao mihoatra noho ny zavatra angatahintsika na eritreretintsika Izzy. (Efes. 3:20)
- Misaotra an'Andriamanitra fa mifehy Izzy ny zavatra rehetra ary hitantanana antsika mamakivaky ny tafio-drivotra. (Heb. 13: 5)
- Misaotra an'Andriamanitra fa eo amin'ny sezaziana Izy ary hanova ny zavadrhetra ho mahasoa. (Rom. 8:28)
- Misaotra an'Andriamanitra fa ny fitsapana rehetra eto amin'ity fiaianana ity dia hitondra valisoa mandrakizay. (Rom. 8:18)

## Taratasy 2 Ho an'ny Vavaka Iombonana

### **TENY FIKASANA MAHERY VAIKA MOMBA NY VAVAKA**

*[Teny Fikasana Nangonina avy tamin'ny Baiboly  
sy Teny Notsongaina avy tamin'ny Fanahin'ny Faminaniana]*

“Fikiro àry ny teny toy ny ravin'ny hazon'aina: ‘ Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy. ’Jaona 6:37. Raha manatona Azy ianao dia minoa fa manaiky anao Izy, satria efa nampanantena izany. Tsy ho very na oviana na oviana ianao raha manao izany - sanatria” (*Tanamasoandron’ny Fahasalamana*, p. 44).

“Efa nomen'ny herin’Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny tone-panahy araka an’Andriamanitra amin’ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin’ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izay no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin’ny fomban’Andriamanitra amin’izany ianareo rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin’izao tontolo izao noho ny filàna” (2 Pet. 1: 3, 4).

“Izay rehetra manokana ny tenany sy ny fanahiny ho an’Andriamanitra dia handray mandrakariva ny fanomezana vaovao amin’ny hery ara-batana sy ara-tsaina. Azony baikoina ny tahirin’ny lanitra tsy mety ritra. Omen’i Kristy azy ny fofonain’ny Fanahiny, dia ny ainy mihitsy. Mamoaka ny heriny ambony indrindra ao am-pony sy ao an-tsainy ny Fanahy Masina. . . . Tanteraka ao Aminy izy amin’ny alalan’ny fiaraha-miasa amin’i Kristy ka atao afaka manao ny asan’Ilay manana hery rehetra izy ao amin’ny fahalemen’ny maha-olombelona azy” (*IFM*, p. 887).

«Raha ny oloko izay nantsoina amin’ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin’ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony aryahasitrana ny taniny” (2 Tan. 7:14).

““Rehefa afa-po amin’ny zavatra madinika ny fiangonana dia tsy ho afaka handray ny zavatra lehibe avy amin’Andriamanitra” ” (*Home Missionary*, 1 Nov 1893).

“Mangataha ranonorana avy amin’i Jehovah ianareo amin’ny andro fara-orana, dia avy amin’i Jehovah Izay manao ny helatra. Ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny.” (Zak. 10: 1).

“Ny firotsahan’ny Fanahy Masina amin’ny fiangonana dia andrandraina toy ny amin’ny ho avy; nefo tombontsoa ho an’ny fiangonana ny manana izany ankehitriny. Katsaho izany, mivavaha ho amin’izany, minoa izany. Tsy mantsy manana izany isika, ary ny Lanitra dia miandry mba hanome izany” (*Review and Herald*, 19 martsa 1895).

Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an’ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an’izay mangataka aminy? (Lioka 11:13).

“Hitolona amin'Andriamanitra amin'ny vavaka ve isika? Handray ny batisan'ny Fanahy Masina ve isika? Izany no ilaintsika ary tokony hananantsika amin'izao fotoana izao. . . Raha mandeha am-panetren-tena miaraka amin'Andriamanitra isika, dia hiara-mandeha amintsika Andriamanitra” (*Pray*, p. 87).

«Raha misy roa aminareo no MIFANAIKY ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia HO AZONY avy amin'ny Raiko Izay any andanitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia eo afovoany Aho” (Mat. 18:19, 20).

“Ny fitahiana lehibe indrindra azon'Andriamanitra omena ny olona dia ny fanahin'ny vavaka an-kitsim-po. Misokatra eo anoloan'ny olona vonton'ny vavaka ny lanitra manontolo. . . Ireo masoivohon'i Kristy dia banana fahefana eo amin'ny olona rehefa mankeo amin' Andriamanitra miaraka amin'ny fitalahoana an-kitsim-po izy,” (*Prayer*, p. 83).

"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: raha mangataka zavatra araka ny SITRAPONY isika, NA INONA NA INONA angatahintsika, dia mihaino antsika Izy" (1 Jaona 5:14).

"Izay rehetra noraisin'i Kristy tamin'Andriamanitra dia mety ho azontsika koa. Avy eo manontany dia mandray. Amin'ny finoana fenofaharetana nananan'i Jakôba sy amin'ny fikirizana tsy metysasatra to amin'i Elia, takio ho anao izay rehetra efa nampanantenain' Andriamanitra "(HF, p. 122).

"Ary na inona na inona angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny FINOANA dia ho azonareo" (Mat. 21:22).

"Ny fivavahana sy ny finoana dia afaka hahavita zavatra izay tsy azon'ny hery eto ambonin'ny tany tanterahina" (*Tanamasoandron'ny Fahasalamana*, p.431).

«Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo; ary ho vavolombeloko. . . hatramin'ny amin'ny faran'ny tany ”(Asa. 1: 8).

“Raha mila hery ianao dia afaka banana izany; miandry ny drafitra ataonao izany. Minoa fotsiny an 'Andriamanitra, raiso amin'ny Teniny Izy, miasà amim-pinoana, dia ho tonga ny fitahiana” *Prayer*, p. 84).

"Ao Aminy no miaraka aorina koa ianareo ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy" (Efes. 2:22).

"Tsy misy fetrany ny soa mety ho vitan'ny olona iray izay manadino ny tenany, ka manome malalaka ny Fanahy Masina hiasa amin'ny fony sy ny fiainany voatokana tanteraka ho an'Andriamanitra" (*Christian Service*, p. 254).

"Fa izao no lazain'Iray Avo sy manerinerina Izay monina mandrakizay, Masina no anarany: ao amin'ny fitoerana avo sy masina no onenako, ary ao amin'ny torotoro fo sy manetry tena, hamelombelona ny fanahin'ny manetry tena sy hamelombelona ny fon'ny torotoro fo ”(Isa. 57:15).

“Ny fanahy izay mahatsapa ny ilainy dia tsy mitana na inona na inona. Azony atao ny manatona tsy misy fepetra an’Ilay itoeran’ny fahafenoana rehetra” (*IFM*, p. 313).

“Ny fanatitra ho an’Andriamanitra dia fanahy torotoro; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona.” (*Sal.* 51:17).

“Ny fandresena lehibe indrindra azon’ny fiangonan’i Kristy na azon’ny Kristiana tsirairay avy dia tsy mba vokatryny talenta, na ny fitaizana, na ny harena, na ny tombontsoa avy amin’ny olombelona tsy akory; fa vokatry ny ny fivavahana mangina teo anatrehan’ Andriamanitra tamim-pinoana miredareda sady tsy azo hozongozonina izay mamihina mafy ny herin’ny Tsitoha.” (*Patriarka sy Mpaminany*, p. 198).

“Tsy manana ianareo satria tsy mangataka” (*Jak.* 4: 2). “Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin’ny anarako ianareo. Mangataha dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo” (*Jao.* 16:24).

“Isan’ny soritrtr’asa nataon’Andriamanitra ny hanome antsika, ho valin’ny vavaky ny finoana, izay tsy ho natolony raha tsy nangatahintsika” (*Hery Misanandrina*, p. 546).

“Raha miray Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa HO TONGA aminareo izany” (*Jaona* 15: 7).

“Raha maniry hahalala sy hanao ny sitrapon’Andriamanitra isika, dia tanterahina ho antsika ny teny fikasany” (*From Heaven With Love*, p. 166).

«Raha amin’ny olona dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin’ Andriamanitra; fa hain’Andriamanitra ny ZAVATRA REHETRA.” (*Marka* 10:27).

“Tsy afaka manakana ny asan’Ilay manana ny hery rehetra ireo zavatra tsy hain’ny nofo” (*IFM*, p. 570).

“Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha mba ho sitrana ianareo. Ny fiasan’ny fivavaky ny marina dia MAHERY indrindra” (*Jak.* 5:16).

“Ny antso mankany any an-danitra ataon’ny olo-masina manetry tena indrindra dia atahoran’ i Satana mihoatra ny didy na ny baikon’ny mpanjaka” (*In Heavenly Places*, p. 82).

“Sambatra kosa izay tsy nahita nefo nino” (*Jao.* 20:29).

“Tsy misy atahorana ny amin’ny hoe hanaovan’ny Tompo an- tsirambina ny fivavahana ataon’ny vahoakany. Ny atahorana dia sao ny fakam-panahy sy ny fitsapana hahakivy azy ireo ka ho diso tsy haharitra amin’ny fivavahana izy” (*HF*, p. 147).

“Fa ny mason’i Jehovah mijery eny tontolo eny eran’ny tany rehetra, mba hisehoany AMAN-KERY hamonjy izay manana fo mahitsy Aminy” (*2 Tan.* 16: 9).

"Nanao antoka ny voninahitry ny sezafianiranany ho fahatanteraha ny teniny tamintsika Izy" (*Henoinareo ny Fanoharana*, p. 121).

"Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny HERINY [Heriny] izay miasa ato amintsika" (Efes. 3:20).

"Ny Tompo dia hanao mihoatra ny fanatanteraha ireo zavatra ambony indrindra andrasan' ireo izay mametraka ny fitokiany Aminy" (*My Life Today*, p. 55).

"Indrisy, Jehovah Tompo! Indro, Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany tamin'ny herinao lehibe sy ny sandrinao nahinjitra. TSY MISY zava-mahagaga izay tsy hainao" (Jer. 32:17).

"Tsy ireo fahaiza-miasa anananao ankehitriny na mbola mety ho azonao no hanome anao fahombiazana fa izay azon'ny Tompo atao ho anao. Tokony ho kely mihitsy ny fitokisantsika izay azon'ny olona atao, fa ny fitokisantsika izay azon'Andriamanitra ho an'ny fanahy mino kosa dia tokony ho be lavitra. Iriny indrindra ny hikatsahanao Azy amin'ny finoana. Irriny indrindra ny hanantenanao zava-dehibe avy Aminy" (*HF*, p. 119).

«Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo» (Mat. 7: 7).

"Amin'ny fahatsoram-po, amin'ny hanoanan'ny fanahy, mitalaho amin'Andriamanitra. Aoka hitolona amin'ireo iraka avy any an-danitra mandra-pahazoanao ny fandresena. Apetraho eo am-pelatanan'ny Tompo ny maha-ianao manontolo, ny fanahinao, ny tenanao ary ny fanahinao, ary manapaha hevitra ny ho tonga fitaovany feno fitiavana sy fanoloran-tenaa, atosiky ny sitrapony, fehezin'ny sainy, feno ny Fanahiny" (*Prayer*, p. 75).

"Ary izahay dia vavolombelon'izany zavatra izany, ary ny Fanahy Masina koa, Izay efa nomen'Andriamanitra ny manaiky Azy" (Asa. 5:32).

"Tsy mahavita na inona na inona ny olona raha tsy misy an'Andriamanitra, ary Andriamanitra dia nandamina ny drafiny mba tsy hanatanteraka na inona na inona amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny taranak'olombelona raha tsy misy ny fiaraha-miasa eo amin'ny olombelona sy Andriamanitra. Ny ampahany takiana amin'ny olombelona ho tohanany dia kely tsy hita refy, kanefa ao amin'ny drafir'Andriamanitra dia io ampahany io indrindra no ilaina hampahomby ny asa "God's Amazing Grace, p. 319).

"Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?" (Rom. 8:32).

"Tsy maintsy mijery an'i Kristy isika; tsy maintsy manohitra toa izay nanoherany isika; tsy maintsy mivavaka toa izay nivavahany isika; tsy maintsy mijaly toa izay nijaliany isika, raha te-handresy toa izay nandreseny" (*That I May Know Him*, p. 34).

"Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina. Moa efa nilaza va Izy ka tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? (Nom. 23:19).

"Minoa fotsiny ary miderà an'Andriamanitra dia mandrosoa. Efa akaiky ho tody ao antano isika izao.... Ento eo amin'ny teny fikasan'Andriamanitra ny entanao rehetra. Minoa fa tombon-tsoa ho anao ny mino" (*Letter 31, January 1, 1887*).

"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika" (1 Kor. 15:57).